

# Torolalana ho an'ny fandaharam-pampianarana taona 2023

Ity lahatsoratra ity dia ahitana ny lisitr'ireo fitaovana ho an'ny fandaharam-pampianarana an'ny Fiangonana natao hampiasaina amin'ny 2023. Ho an'ny ankamaroan'ny fitenymisy, dia hita amin'ny endriny nomerika ireto fitaovana ireto ao amin'ny appli Bibliothèque de l'Évangile sy ao amin'ny ComeFollowMe.ChurchofJesusChrist.org. Nomarihina manokana ireo boky vaovao ho an'ny taona 2023.

**Fanamarihana:** Ny boky torolalana *Avia, hanaraka Ahy* Testamenta Vaovao amin'ny endriny vita printy sy nomerika dia nasiam-panavaozana kely taorian'ny nampiasana izany tamin'ny 2019. Tsy mitovy amin'ireo taona teo aloha, tsy halefa maimaim-poana any amin'ireo rantsana intsony ny boky torolalana *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana* vita printy. Raha azo atao dia tokony hamporisihina ny mpikambana hampiasany boky torolalana *Avia, hanaraka Ahy* amin'ny endrika nomerika. Afaka mampiasa ny tetibolany ireo mpitarika eo anivon'ireo rantsana mba hanafarana boky vita printy ho an'ireo mpikambana izay mila izany, na afaka manafatra izany ao amin'ny store.ChurchofJesusChrist.org ireo mpikambana.

| | |
|---|---|
| **ISAM-BATAN'OLONA SY FIANAKAVIANA** | NASIAM-PANAVAOZANA, *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana: Testamenta Vaovao 2023* (17847) |
| **KILONGA** | **KILASIN'NY ZAZA MADINIKA (18 VOLANA–2 TAONA)**<br>*Voyez vos petits enfants: Manuel de la Garderie* (37108)<br><br>**FOTOAM-PIHIRANA SY KILASY REHETRA AO AMIN'NY KILONGA (3–11 TAONA)**<br>NASIAM-PANAVAOZANA, *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Kilonga: Testamenta Vaovao 2023* (17848)<br>Raha toa ireo mpikambana ao amin'ny rantsana misy anao ka miteny Amarika, Hiligainona, Hindy, Homongy, Islandey, Laosiana, Lingala, Serbiana, Shona, Sinala, Slovakiana, Tamila, Telogo, Tiorka, Ordo, Xhosa, na Zoulou, dia ampifanaraho araka izay ilaina azy ireo hevitra ao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana* raha ampiasaina ao amin'ny Kilonga, na mampiasà boky torolalana hafa an'ny Fiangonana natao ho an'ny ankizy. |
| **SEKOLY ALAHADY** | **SEKOLY ALAHADY HO AN'NY OLON-DEHIBE SY NY ZATOVO**<br>NASIAM-PANAVAOZANA *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Sekoly Alahady: Testamenta Vaovao 2023* (17849)<br>Raha toa ireo mpikambana ao amin'ny rantsana misy anao ka miteny Amarika, Hiligainona, Hindy, Homongy, Laosiana, Lingala, Shona, Sinala, Sloveniana, Tamila, Telogo, Tiorka, Ordo, Xhosa, na Zoulou, dia ampifanaraho araka izay ilaina azy ireo hevitra ao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana* raha ampiasaina ao amin'ny Sekoly Alahady, na mampiasà boky torolalana hafa an'ny Fiangonana. |

| | |
|---|---|
| **KÔLEJIN'NY LOHOLONA SY FIKAMBANANA IFANAMPIANA** | "Mianatra avy amin'ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany" (hita ao amin'ireo laharan'ny gazetiboky *Liahona* miompana amin'ny fihaonambe ny endriny vita printy)<br>Raha toa ireo mpikambana ao amin'ny rantsana misy anao ka miteny Amarika; Hiligainona, Hindy, Homongy, Islandey, Laosiana, Lingala, Serbiana, Shona, Sinala, Slovakiana, Sloveniana, Tamila, Telogo, Tiorka, Ordo, Xhosa, na Zoulou, dia mampianara avy amin'ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany vao haingana izay mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo kôlejin'ny loholona na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao, na mampiasà boky torolalana hafa an'ny Fiangonana. |
| **FISORONANA AHARÔNA SY ZATOVOVAVY** | VAOVAO *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny kilasin'ny Zatovovavy: Lohahevitra ara-potopampianarana 2023* (18483)<br>Raha toa ireo mpikambana ao amin'ny rantsana misy anao ka miteny Amarika, Hiligainona, Hindy, Homongy, Islandy, Laosiana, Lingala, Serbiana, Shona, Sinala, Slovakiana, Sloveniana, Tamila, Telogo, Tiorka, Ordo, Xhosa, Zoulou, na Ordo dia ampiasao ireo lesona ao amin'ny toko 3 ao amin'ny *Torio ny Filazantsarako* (16229). Azonao atao ihany koa ny mampianatra ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany vao haingana izay mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo zatovonareo. |
| **IREO RAFITRA REHETRA** | NASIAM-PANAVAOZANA *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* (18709)<br>Io boky torolalana io dia natao hanampy amin'ny fanatsarana ny fampianarana ao an-tokantrano sy ao am-piangonana, ary io no loharanom-pitaovana voalohany ampiasaina mandritra ireo fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra. Rehefa mivoaka ny boky torolalana nasiam-panavaozana amin'ny endriny vita printy dia hoalefa maimaimpoana any amin'ny rantsana tsirairay avy izany. |
| **FAMPIANARANA HAFA SY FITAOVANA ENTIMANOHANA (RAHA MISY NY BOKY)** | Ny fampianarana momba ny lohahevitra toy ny fanamafisana orina ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ny fiomanana ho any amin'ny tempoly, ny fiomanana ho amin'ny asa fitoriana, ary ireo fitsipiky ny fizakan-tena dia tsy hatao mandritra ny ora faharoa any am-piangonana. Kanefa, araka izay hitan'ny eveka fa mahamety azy, ary miankina amin'ny zavatra ilaina eo an-toerana, dia azo atao amin'ny fotoana hafa ireo fampianarana ireo. Ny fitaovana ho an'ireo fampianarana ireo, ary koa ny loharanom-pitaovana hafa izay enti-manohana ny fandaharam-pampianarana, toy ny gazetibokin'ny Fiangonana, dia azo hafarana ao amin'ny store.ChurchofJesusChrist.org. |
| **TOROLALANA MOMBA NY FANAFARAN'NY RANTSANA FITAOVANA HO AN'NY FANDAHARAM-PAMPIANARANA ISAN-TAONA** | Ny rantsana dia mila manafatra sy mandoa ny saran'ireo boky vita printy rehetra fampiasa ao amin'ny Kilonga, sy ny Sekoly Alahady, ary ny Fisoronana Aharôna sy ny Zatovovavy.<br>Afaka manafatra fitaovana ho an'ny rantsana ianao manomboka ny 28 jona 2022. **Iangaviana mba tsy hatao tara ny 31 aogositra 2022 ny fanafarana ataonao.** Ny fitaovana hafarana aorian'io daty io dia mety tsy ho tonga alohan'ny 1 janoary 2023. Raha hanafatra fitaovana vita printy dia tsidiho ny store.ChurchofJesusChrist.org, tsindrio ny **Unité et appels**, ary avy eo dia safidio ny **Programme d'étude annuel**.<br>Eritrereto ireto fanontaniana manaraka ireto mba hanampiana anao tsy hanafatra boky vita printy mihoatra noho izay ilaina:<br>• Boky vita printy firy amin'ireo boky tsirairay ireo no efa ananan'ny rantsana misy anao?<br>• Firy ny isan'ny mpikambana sy mpampianatra mampiasa fitaovana amin'ny endrika nomerika fa tsy mampiasa boky vita printy? |
| **FITAOVANA HO AN'IREO MANANA FAHASEMBANANA** | Ireo fitaovana amin'ny endrika horonam-peo, na amin'ny soratra natao ho an'ny jamba (braille), na amin'ny sora-printy lehibe, dia hita ao amin'ny store.ChurchofJesusChrist.org. |

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2022 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Version: 3/22. PD800002237 654. Natonta tany Etazonia